# TORITENY - ALAHADY faha-16 TSOTRA - TAONA D



***Nandray Azy tao an-tranony i Marta, fa i Maria kosa no nifidy ny anjara soa indrindra.***

***Vakiteny I :*** *Jen. 18, 1-10a*
***Salamo :*** *Sal 68*
***Vakiteny II :*** *Kôl. 1, 24-28*
***Evanjely :*** *Lk. 10, 38-42*

Ry kristianina havana, raha tamin'ny Alahady lasa teo nandinika, nandalina sy nibanjina ny tena votoatin'ny fiainantsika isika fa indrindra amin'izao fandalinam-pinoana mandavantaona ataontsika izao dia ny fitiavana izay nasongadintsika tsara fa tsy sentosento ary lavitra ny fihatsaram-belatsihy fa mila fahafoizana, mila an'izay fitsaboana tahaka an'ilay Samaritana nikarakara an'ilay maratra ary tsy iza io Samaritana io fa i Jesoa izay nitondra  tany amin'ny tranom-bahiny ary nilaza tamin'ny tompon-trano mba hikarakara ilay marary. Izay tokoa no natolotr'i Jesoa amintsika izao, isika sy ny Eglizy no

tompon-trano tsy maintsy mikolokolo fa indrindra amin'izao andro sarotra izao. Raha te ho Eglizy Olo velomin'ny Batemy miombona, miara-dia, mandray an-tanana, irahina ho Tabernakla Velona dia maintsy manahaka an'ilay Samaritanina isika. Izay indrindra no fampianarana asongadin'ny Tenin'Andriamanitra amin'izao alahady faha-16 mandavan-taona izao.
Raha ny votoatin-kevitra tokoa no jerena dia ny fahaizantsika mampiantrano izany hoe mahay mandray ny hafa, mahay mampiditra an'ireo izay akaikintsika ao am-pontsika ao no asongadin'ireo Tenin'Andriamanitra. Io indrindra no tanjon'izao Sinaody faha-7 izao mba ho fianakaviana « eglizy kely » miara-mivavaka, mandalim-pinoana izany hoe hanahaka an'i Jesoa, ho tahaka an'Andriamanitra mandray ao am-po izay namantsika sy izay eo akaikintsika ary tsy iza ireo fa manomboka ao amin'ny Eglizy kely ao an-trano dia ny fianakaviana : ny Ray aman-dReny hikarakara ny zanaka, ary ny zanaka hanaja ny Ray aman-dReny. Izany ny fampiantranoana sy ny fahaizana mandray vahiny voalohany ary fototra. Milaza miara-mahita anefa isika fa marary izany amin'izao. Azontsika onogna ny antony anaovantsika sinaody mba hamerina amin'ny toerana izany soatoavina fototra izany. Tanteraka izany raha fianakaviana « eglizy kely » miara-mivavaka, miara-mandalim-pinoana isika.

Tohin'izany tsara ny manamarika fa ho antsika malagasy tsy misy izany hoe traduction ny teny "Etranger" izany fa vahiny jiaby na lavitra izany na akaiky satria anatin'ny natiorantsika ny mahay mandray sy mampiantrano ka izany ny mahatonga antsika miroso amin'ny lalindalina kokoa ny maha- Kristianina antsika amin'ity fampianarana ity satria araka ny efa voalaza teo efa anatin'ny maha-malagasy antsika ny mahay mandray vahiny ka vao mainka tsaratsara kokoa ny fandraisantsika ny olona. Raha atao teny hafa Olo Araiky isika jiaby ka tsy misy « étranger » fa na ny havana akaiky aza rehefa tsy miara-monina dia « vahiny »…
Tahaka nataon'i Abrahama amin'ny vakiteny voalohany (*Jen. 18, 1-10a)* tsy nasainy nandalo fotsiny ireo vahiny fa nasainy niantrano ka nahazo fahasoavana izy. Araka ny fantantsika dia nahazo zanaka fara aman-dimby i Abrahama, niteraka ilay natao hoe momba iny noho ny fahaizany mandray vahiny.
Ny fahaizantsika mandray ny hafa dia mampahazo fahasoavana, ny fahaizantsika mikarakara, manao ny soa ny hafa, mahafoy ho an'ny hafa, mitady ny soa iombonana dia mitondra fahasoavana ho an'ireo raisina mazava ho azy fa ho anao koa. Io no mahatonga ahy milaza amintsika matetika hoe " raha manao ny asan'Andriamanitra izay tsy inona fa ny asam-pitiavana, ny fandraisana, ny fampiantranoana, ny fikarakarana izay akaikintsika, izay namantsika, dia Andriamanitra manao ny asantsika". Hitantsika izany fa tanteraka tokoa ny voalazan'ireo vahiny izay noraisin'i Abrahama. Hitantsika koa izany ao amin'ny Evanjely, hitantsika ny nataon'i Marta izay nikofokofoka nikarakara nanao ny asa, somary nalahelo izy

ka nanatona an'i Jesoa nilaza hoe : *“tsy mampaninona anao ve raha mba manampy ahy ny rahavaviko satria zaho sahirana?"*.

Noho ny fahasahiranana dia matetika koa isika mahita fialan-tsiny ary indraindray aza indrisy mitady hanome tsiny noho izany fahasahiranana izany ka manjary "blocage" amin'ny fikarakarana. Ka hoy i Jesoa mampitodika antsika amin'ny tena izy amin'ny fahaizana mandray dia nilaza fa i Maria no nahay nifidy ny anjara soa izay tsy inona fa ny fahaizana mihaino ny tenin'Andriamanitra.
Tsy azo  sarahina ireo rehetra ireo fa anjarantsika ny mahay mandrindra azy ary ny farantampony amin'izany, ry Kristianina havana, dia ny fandraisantsika ny kominio.
Ary mba ahoana ny dikan'ireny amin'ny fiainantsika? Ahoana ny fampiantranoantsika an'i Jesoa amin'ny alalan'ny fandraisana ny teniny tahaka ny voalazany fa i Maria no nahay nisafidy ny anjara soa?.

Amin'izao Alahady faha-16 mandavantaona izao dia tsara ny handinihantsika ny fandraisantsika kominio. Ny ataoko hoe kominio dia ny fandehanantsika mivavaka, misy amin'ireo izay tonga mankalaza ny Eokaristia tsy mandray kominio noho ny antony maro samy hafa kanefa miombona satria izay no mahatonga azy mivavaka amin'i Kristy, ny dikan'ny kominio tokoa manko dia fiombonana.
Raha nisy fotoana izay nahatonga antsika nametraka  baraingo mikasika ny fandraisana kominio sy ny Sakramenta dia ny vanim-potoana niatrehantsika ny Coronavirus. Korontanavirus hoy isika ary betsaka tokoa ny zavatra nikorontana ary anisan’izany ny fandraisana kominio sy ny sakramenta toa ny  Kônfesy. Mila fandalinam-pinoana vaovao tokoa mba ho matotra ara-pinoana isika. Misy maro ny milaza fa tsy ilaina intsony ny kônfesy ? Misy aza hatramin’ny milaza fa tsy mila mandeha an-deglizy intsony ?
Ireny rehetra ireny no tsy maintsy apetraka amin’ny tena toerany amin’izao Sinaody izao mba ho Olon-dehibe amin’ny finoana isika.
Tsara koa ny milaza fa misy zava-tsoa azontsika avy amin’ny tsy fandraisana mivantana ny kôminio ka nahatsapantsika ny mahasarobidy ny fandraisana komonio am-panahy fa indrindra ho an’ireo izay anatin’ny sampona.
Midika inona tokoa ho antsika ny fandraisana kominio matetika ? Inona ny vokany eo amin'ny fiainantsika ? Izao sinaody izao no entintsika  handinihana an’izany mba hahatonga antsika ho Kristianina velona eo amin'ny fiainantsika andavanandro ka hahafahantsika mahafantatra bebe kokoa an'izay miafina rehetra izay tsy fantatra teo aloha ka ambara ankehitriny ao amin'i Kristy hoy Md Paoly. Isika koa dia torak'izany, izay rehetra nambarantsika izay dia i Kristy ka aoka ho izy no ho eo anivon'ny fiainantsika, amin'ny alalany sy miaraka aminy no hanatanterahantsika an'izay rehetra ataontsika.

Izany no dikan'ny mahay mandray vahiny, mahay mampiantrano, izay ny nataon'i Abrahama, izay koa ny hafatr'i Md Paoly amintsika ary ny famintinana ny fandraisana nataon'i Marta sy Maria ambaran'ny Evanjely.

Tsara koa manipika fa samy nandray i Maria sy Marta : i Maria nihaino an'i Jesoa na i Marta nikarakara an'i Jesoa. Io no foto-pampianarana ho antsika amin'izao Alahady faha-16 izao hahay handray, amin'ny fahaizana mihaino ary hahay ka zary miombona ho Olo Araiky.

Ataoko fa samy mahatsikaritra fa ireo no ezaka sy fanamby amin'izao Sinaody faha-7 atrehintsika izao.

Antsoina ihany koa Isika Jiaby mba ho amin'ny alalany sy miaraka aminy no ho entintsika manatanteraka ny ataontsika rehetra. Aza gaga isika raha mamarana ny vavaka Eokaristika ny pretra manao hoe : " amin'ny alalany sy miaraka aminy ary ao aminy" izay faranantsika hoe Amen, aoka ho tanteraka izany. Aoka ho izany tokoa ny ho tanteraka eo amin'ny fiainantsika.

Ry Jesoa Tompo ô , ianao mananatra anay fa amin'ny alalan'ny fahaizana mampiantrano vahiny, mampiantrano anao, mampiantrano izay akaiky anay indrindra ary indrindra hahay hiombona aminao, hahay hihaino anao no làlana hahafahanay mahita ny tena fahasambarana. Ny Papa François mampianatra anay mba hahay hihaino araka ny « sofin'ny fo ». Io no lalana mitondra amin'ny fiombonana. Io no lalana raha te hanorina ny Tranobe Iombona. Lalana hanorenana ny Fianakaviamben'Andriamanitra, Fratelli Tutti, Olo Araiky isika Jiaby. Ampio ary izahay ho faly manompo ny namana sahala amin'i Marta ary ho faly sy ho sambatra indrindra mihaino Anao fa izay ny anjara soa raha mihaino anao ary manatanteraka izay lazainao. Hiombona tanteraka aminao izahay amin'ny kominio amin'izay mba ho zary fanasina sy fahazavana eo amin'ny manodidina anay. Masina Maria Renin'ny Eglizy, ianao no modely amin'ny fahaizana mihaino an'Andriamanitra ary nahay nampiantrano ny zanak'Andriamanitra, ampianaro izahay amin'izao Sinaody izao mba hahay hihaino ny hafatr'Andriamanitra, hahay hifampihaino, ka hahay hampiantrano tahaka anao sy Elisabeta. Ampio izahay ho Tabernakla velona. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson